

Betsaka no nitsangana ary nankeny amin' ny ankavia. Ny sasatsasany tamin' ny faherezana nankeny amin' ny ankavanana sady nanao vavaka farany. Fianakaviana tafasaraka naniry ny hijanona tafaray, fa ny sasany kosa teo an-daniny sy ankilany. Niteny ny iray tamin' ireo miaramila hoe: "Ianareo ireo, amin' ny ilany ankavia, afaka mivoaka ianareo". Dia nandao ny toerana izy ireo fa tsy nahavita nijery ny tavan' ireo rahalahiny na ray aman-dreniny izay ho faty tsy ho ela. Tratran' ny henatra izy ireo



Rehefa ireo izay teo amin'ny ilany ankavanana ihany no nijanona, dia napetrak' ireo miaramila teny amin' ny seza ny fiadiany ary hoy izy ireo tamin' ireto : " Izahay koa, kristianina izahay ! Fa ny tadiavinay dia ny hidera an' Andriamanitra tsy amin' ny fiatsaram-belatsihy. Izao dia tohizantsika ny fotoam-pivavahana."Toy ny ato amin' ity tantara ity, amin' izao androntsika izao, dia mihasarotra ny manavaka ny tena kristianina amin' ny dika tsotra

**Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!**

# Midera an' Andriamanitra amin' ny vidin' ny fiainany



365histoires.com

**Jean-Louis Gaillard**



Tao anatin'ny fiangonana miafina iray tany amin'ny Firaisana Sovietika, tamin'ny taona 1978, dia teo am-pihiràna ireo mpino rehefa niditra an-keriny ireo miaramila miaraka amin' ny basy eny an-tànana. Tapaka avy hatrany noho ireo miaramila izay nanafika ny toeram-pivoriana tamin' ny fomba baribarianina ny fotoam-pivavahana,  Tsy nisy nahantatra hoe ahoana no fomba nahitan' izy ireo ilay fiangonana miafina nivory tamin' io toerana io



*"Inona no ataonareo eto?" hoy izy ireo nikiaka. "Eo am-piderana ny Andriamanitrareo foron' ny saina fotsiny ianareo? Natahotra ireto mpikambana amin' ny fiangonana sady nihevitra fa misy miaramila hafa miandry azy ireo ao anoloan' ny varavarana mba hitondra azy ireo any am-ponja. Kanefa ny zavatra izay hitranga dia ratsy nohon' ny hoe voasambotra.*



Tampoka teo dia nihiaka ny lehiben' ny antoko miaramila hoe:
"Izay rehetra tsy mivadika amin'Andriamanitra dia mijoroa eo amin'ny ilany ankavanan' ny fiangonana fa hotifirina ianareo noho ny finoanareo. Ianareo no hanapa-kevitra raha hiaina na ho faty.  Ireo mahatoky amin' "Andriamanitrareo" dia ho faty, fa izay mandà Azy dia ho afaka."
Dimy minitra talohan' io dia nihira hira fiderana an' Andriamanitra ny rehetra, fa izao kosa dia resaka fiainana na fahafatesana.

365histoires.com

# Boky miloko

